FAMPIANARANA

TOA AN'IZA ANDRIAMANITRA ?

Ry sakaiza
Ity lesona ity dia momba an'Adriamanitra. Efa mba nanontany tena ve ianao hoe tahaka inona moa Andriamanitra? Andriamanitra dia lehibe ary mahagagna tokoa ka tsy afaka hahalala izay rehetra momba Azy na oviana na oviana mihintsy isika. Fa nomen'Andriamanitra boky mahagaga izay milaza amintsika ny momba azy isika.

I nona io boky io?
Io boky io dia ny Baiboly, Tenin'Andriamanitra. Milaza amintsika ny Baiboly, fa nanao ny zavatra rehetra Andriamanitra. Nanao ny masoandro sy ny volana Andriamanitra. Nanao ireo kintana aman-tapitrisany izay manjopiaka amin'ny alina eny amin'ny lanitra ambonintsika. Andriamanitra no nanao ny tany. nanao ny vorona, hazan-dranomasina, ary ny biby Andriamanitra.Avy eo noforonin'Andriamanitra ny lehilahy sy ny vehivavy voalohanyade

Nahoana no noforonin'Andriamanitra isika? Noharian'Andriamanitra isika mba hitia Azy sy ho tiaviny koa. Fantany sy tiany isika tsirairay izao. Tena mahafaly an'Andriamanitra tokoa rehefa te hahafantatra sy tia Azy isika. Ny zavatra tsara azontsika atao dia ny mahalala sy mitia an'Andriamanitra. Izay mitondra hafaliana tanteraka ho antsika. Amin'ity lesona ity no ahitantsika izay ambaran'ny Baiboly mikasika an'Andriamanitra. Hianatra zavatra 5 lehibe momba an'Andriamanitra mahagaga izay tena tia antsika isika.

ANDRIAMANITRA
dia OLONA

Andriamanitra dia iray, ilay marina sady Andriamanitra velona hoy Izy: " Izaho no Jehovah fa tsy misy hafa, tsy misy Andriamanitra afa-tsy Izaho" **Isaia 45: 5**

Andriamanitra dia tsy hery, olona velona Andriamanitra izay mahafantatra sy tia antsika tsirairay avy. Faly Andriamanitra rehefa te hahalala Azy isika. Tian'Andriamanitra hitia azy amin'ny fontsika rehetra isika ambonin'ny zavatra rehetra

ANDRIAMANITRA
dia FANAHY

Na dia olona aza Andriamanitra dia tsy manana vatana mitovy amintsika Izy. Fanahy Andriamanitra ; tsy afaka hitantsika Izy satria Fanahy. Tamin'ny noharian'Andriamanitra ianao dia nomeny vatana sy fanahy.

Miaina ao anatinao ny fanahinao. Ny vatanao no hitan'ny olona fa tsy ny fanahy ao anatinao Andriamanitra dia fanahy tanteraka izany no tsy afahantsika mahita Azy. Niteny tamintsika Andriamanitra ny tsy anaovantsika sary hanehoana Azy Niteny koa Izyny tsy hanandratatsika sary. Hoy ny Baiboly : "Andriamanitra dia fanahy, ary izay mivavaka aminy tsy maintsy mivavaka amin'ny fanahy sy ny fahamarinana" **Jaona 4: 24**

Na tsy afaka mahita Azy aza isika, velona sy marina Andriamanitra. Tiany hahafantatra Azy isika; ho tiavintsika Izy rehefa fantatsika ary rehefa tia Azy isika dia te hankatoa Azy

ANDRIAMANITRA
dia FENO VONINAHITRA

Tena manjelatra ny voninahitr' Andriamanitra ka tsy hotantitsika ny hijery Azy. Tsy zakantsika ny mijery ny masoandro rehefa tena manjelatra izy,makarary ny masontsika izany, mahajamba antsika ny fijerena maharitra azy. Mamiratra lavitra noho ny masoandro ny voninahitr' Andriamanitra

Izany no mahatonga antsika tsy afaka mijery Azy.Hoy Andriamanitra : "Tsy mahazo mahita ny tavako ianao, fa tsy misy olona mahita Ahy ka ho velona" **Eksodosy 33 :20**
Mitantara antsika mikasika ny lehilahy iray atao hoe Mosesy ny Baiboly. Nataon'Andriamanitra namana manokana Mosesy. Mifampiresaka matetika ry zareo; nefa tsy nahita an'Andriamanitra mihintsy izy.

NOTE: The King James Version is used in all Mailbox Club courses. We reserve the right to translate from the original texts where necessary to make the meaning clear to the reader. Copyright ©2011 The Mailbox Club International
Illustrations by Stephen Bates

Nangataka zavatra manokana tamin'Andriamanitra i Mosesy indray andro, hoy izy "Mba ampahitao ny voninahitrao aho" **Eksodosy 33 :18**
Hoy Andriamanitra tamin'i Mosesy: tsy afaka mahita ny tavako ianao satria tsy misy olona mahita Ahy ka velona. Hohafenikoany amin'ny vatolampy ianao ary Izaho hampandalo ny fahatsarako rehetra eo anatrehanao.

Niakatra irery tany antendrombohitra i Mosesy; Nafenin'Andriamanitra teo anelanelan'ny vato izy,rehefa izany dia nampandalovan'Andriamanitra ny voninahiny tamin'i Mosesy, tsy nahita Andriamanitra Mosesy, fa nahita sombiny tamin'ny voninahiny ka nampamirampiratra ny tavany izany Rehefa niverina avy any antendrombohitra i Mosesy namirampiratra fatratra ny tavany ka natahotra azy ny olona.Tsy nahafantatra an'i Mosesy ny olona ka nilaza hoe : "Jehovah o iza moa no tahaka Anao amin'izay andriamanitra.....izay ankalazaina amin'ny fahamasinana"
Eksodosy 15 :11

ANDRIAMANITRA
dia MASINA

Midika izany fa madio sy tanteraka Andriamanitra ary tsy manam-pahotana mihintsy.Ao amin'ny Baiboly, ny aizina dia midika ho fahotana indraindray. Hoy ny Baiboly momba an'Andriamanitra : " Andriamanitra dia mazava ary tsy misy aizina(tsy misy fahotana) akory ao aminy"
1 Jaona 1:5

Fahazavana sy voninahitra Andriamanitra. Madio Andriamanitra, tsy manota mihintsy Andriamanitra. Manao ny tsara sy marina foana Andriamanitra.Tsy misy na inona na inona feno ota mety tonga eo anatrehan'Andriamanitra hoy ny Baiboly : "Masina Jehovah Andriamanitsika"
Salamo 99 : 9

Niteny amin'ny fahitana tamin'ny alalan'ny mpaminany Isaia Andriamanitra. Ny fahitana dia tahaka ny nofy. Nahita an'Andriamanitra teo amin'ny seza fiandrianany amin'ny fahitana Isaia. Misy anjely maro be manodidina ny seza fiandrianany, midera an'Andriamanitra ary mihoby hoe masina, masina, masina Jehovah Tompon'ny maro.Henika ny voninahiny ny tany rehetra" **Isaia 6 :3.** Raiki-tahotra i Isaia rehefa nahita izany fahitana avy amin'Andriamanitra izany; izay naneho taminy fa izy dia mpanota ary Andriamanitra kosa dia masina.



MASINA ANDRIAMANITRA

ANDRIAMANITRA
dia FITIAVANA

Midika izany fa tia antsika Andriamanitra ary mitady izay mahasoa antsika.
Ahoana ary no hahafantarantsika fa tia antsika Andriamanitra? Misy làlana 2 fantatsika :

- Izao no ambaran'Andriamanitra ao amin'ny teniny; milaza Andriamanitra : " fitiavana mandrakizay no nitiavako anao...**Jeremia 31 : 3**

- Natolotr'Andriamanitra ny zanany mba hanala ny sazy noho ny otantsika.

Nasehon'Andriamanitra tamintsika ny fitiavany lehibe tamin'ny nanomezany ny zanany lahitokana,maty teo amin'ny hazofijaliana Jesoa Tompo noho ny fahotantsika , ny zavatra ratsy nambarantsika sy nataontsika. Hoy ny Baiboly. "Fa Andriamanitra mampiseho ny fitiavany antsika, fa fony mbola mpanota isika, dia maty hamonjy antsika Kristy "Romana 5 :8.

Mety mieritreritra ianao hoe;" fantatr'Andriamanitra daholo ve ny zavatra ratsy rehetra vitako?" Eny, fantatr'Andriamanitra daholo ireny rehetra ireny, kanefa mbola tia anao amin'ny fony rehetra Izy. Tiany ianao isaky ny minitra eo amin'ny fiainanao. Maty noho ny fahotako Jesoa Tompo. maty noho ny fahotanao Izy.Nefa tsy nijanona tao amin'ny fahafatesana Izy.Tamin'ny andro fahatelo dia nitsangana tao amin'ny fasana Izy. Izy ilay mpamonjy antsika velona! Tian'Andriamanitra ampitoetra ny finoanao Amin'ilay maty noho ny fahotanao ary nitsangana indray ho mpamonjy anao. Fantatrao ve inona no tian'Andriamanitra ahatongavana?

Tiany ianao ho tia Azy amin'ny fonao rehetra!

Mahafaly an'Andriamanitra rehefa misafidy ho tia Azy amin'ny fonao rehetra ianao.Lehilahin'

Andriamanitra manana ny maha izy azy ao amin'ny Baiboly i Davida mpanjaka. nisafidy ho tia an'Andriamanitra izy. Hoy izy"ho tia anao aho,ry Tompo!" nahafaly an'Andriamanitra izany,ary tena ho faly Andriamanitra raha misafidy ho tia Azy tahaka nynataon'i mpanjaka Davida ianao. Ity ary misy vavaka hanampy anao :
"Tompo o, ho tia Anao amin'ny foko rehetra aho! Ampio aho mba hianatra bebe kokoa momba Anao.Misaotra tamin'ny nanirahanao ny zanakao, Jesoa Tompo, mba ho faty teo amin'ny hazo fijaliana noho ireo fahotako"
Ahoana ny aty e ! !



ANDININY HO TADIDIKO

FIZAHANA HARENA MIAFINA

Ampiasao ny Famantarana Manokana etsy ambany mba ahitana ilay harena miafina

HARENA MIAFINA

AO DO EO FO HO IO MONO
OO RO TO VO YO

_____ _____

_____ _____

_____

FANONTANIANA

Mpikaroka - lesona 1
TORO-MARIKA : Fidio ny valiny tsara indrindra - a na b Soraty eo amin'ny teorana voatokana amin'izany

Ohatra :Ny lanitra dia toerana :
b
a. Misy fahotana kely
b. Tsy misy fahotana

1. Ohatran'iza Andriamanitra ?

a. Andriamanitra dia" hery" tsara eo amin'izao tontolo izao
b. Andriamanitra dia olona velona izay mahafantatra sy tia antsika

2. Tsy afaka mahita an'Andriamanitra isika satria

a. Andriamanitra dia fanahy ary tsy afaka mahita izay fanahy isika
b. Andriamanitra dia tsy taka-maso izany no tsy afahantsika mahita Azy

3. Raha hoy ny Baiboly milaza fa Andriamanitra dia masina, midika izany fa

a. Andriamanitra dia tena tsara
b. Andriamanitra dia madio sy tanteraka ary tsy misy ota mihintsy

4. Fantatro fa Andriamanitra tia ahy satria

a.Nomeny ny Zanany maty noho ny fahotako
b.Tsapako ny zavatra ataony

5. Inona no tian'Andriamanitra ataoko matetika ?

a.Tian'Andriamanitra aho ho tia Azy amin'ny foko rehetra
b. Tian'Andriamanitra aho manao zava-tsoa maro be ho Azy

Soraty eto ny andinintsoratra
Masina hotadidinao

Soraty ilay harena miafina hita

Anarana Daty nahaterahana / / Taona Kilasy

Ny Fivahinianako Miaraka Amin'i Jesoa

1 Inona no zava-dehibe nianaranao tamin'ity lesona ity?

2 Misy zavatra na teny tsy azonao ve tamin'ity lesona ity ?

3 Manana filana manokana na fangataham-bavaka ve ianao ?

4 Mampirisika anao izahay mba manomboka diary. Soraty ny vavaka ataonao, fiderana sy fisaorana an'Andriamanitra!